Conférence des Evêques de Madagascar
102 bis rue Cardinal Jérôme Rakotomalala
BP. 667 Antanimena Antananarivo -101

REÇOIS L’ESPRIT QUI RECONCILIE

Message aux baptisés et aux hommes de bonne volonté

Que la grâce et la paix soient toujours avec vous

Allons ensemble vers la célébration de la Pentecôte pour recevoir l’Esprit Saint, Conciliateur, Paix du monde, qui nous envoie pour annoncer l’Evangile. Chez nous par contre, les réalités qui sont notre quotidien sont un sujet de trouble pour bien des gens : beaucoup sont déboussolés et selon l’adage populaire, *« les petits ressemblent à des sauterelles sans ailes »*.

**Des réalités que tout le monde peut constater**

Il est évident que l’origine des troubles qui nous secouent, provient de la paupérisation généralisée qui s’étend partout à travers l’île. La confiance mutuelle n’existe plus à chaque niveau et en tous lieux de notre cher pays.

Il semble même que certaines personnes mal intentionnées cherchent à troubler l'esprit des gens et commencent à répandre l'idée d'un tribalisme, de luttes de classe, sans parler d'une revendication excessive de la fierté régionale ou de la lignée. N'oublions jamais que nous formons une seule et unique nation : la Nation Malagasy.

Jusqu'à maintenant aucun remède n'a été trouvé pour éradiquer la corruption qui est devenue une véritable *« culture »* dénaturant même ce qu'est la personne. Pourquoi continue-t-on à soudoyer les gens, en achetant leur conscience, en les amenant à suivre certaines idéologies surtout au moment des élections ? On corrompt le choix des citoyens en profitant de leur innocence, de leur ignorance, de leur pauvreté. On fait peur en inventant des *« dossiers »* et en mettant en prison ceux qui essaient de résister, fiers de leur liberté. Mensonges, tromperies enrobés de fausses promesses sont souvent les teneurs des discours.

Les richesses du pays sont dilapidées, spoliées. On ne veut pas renouveler le code minier pour qu'une petite minorité nantie puisse jouir de ces richesses car pour eux, l'argent est leur Dieu. Le pays est vendu à ceux qui ont de l'argent.

Les différentes maladies, épidémies (conjonctivites, diarrhées…) sévissent un peu partout. Or les frais des soins dans les hôpitaux publics sont trop exorbitants. Cela ne fait qu'accroître le désarroi de la population et les pousse à chercher ailleurs les soins chez des charlatans ou chez des soi-disant voyants ou guérisseurs. C'est cela qui amène les gens à suivre les innombrables sectes que la loi n'arrive plus à gérer.

On répète souvent que nous sommes dans un état de droit. Mais nombreux parmi ceux qui devraient faire respecter la loi en défendant le droit, la vie, la propriété du peuple, se lient avec des *« réseaux des malfaiteurs »*. Cela fait augmenter partout l'insécurité et l'injustice. Comme conséquence immédiate : les multiples tribunaux populaires, prolifération des armes sophistiquées. L'autorité de l'État n'est plus visible. Les gens pour se défendre et défendre leur propriété mettent en place des pactes inter-villageois qui entrainent beaucoup d'excès et d'ambigüités dans leur exécution.

**Dans le doute, il est difficile de s'entendre**

Aujourd'hui tous nos regards sont tournés vers une réconciliation nationale et sur la refondation de la République. Certains se sont posé des questions concernant la place effective de l'Église Catholique, sa façon de s'impliquer dans les différentes assises aussi bien au niveau national que régional.

En outre il y a eu la publication des deux lettres écrites de la Conférence Episcopale de Madagascar.

L'intention n'a pas été de bloquer le processus de la réconciliation, loin de là : la première demande, c'était le report des réunions, à cause des inondations et des catastrophes, la

seconde avait pour but d'acquérir plus d'informations sur l'organisation et le processus de la réconciliation. Il est dès lors de notre devoir de donner des explications pour nous éclairer.

Quelle est vraiment l'identité de l'Église Catholique ? L'Église est le Corps du Christ, elle *« est en quelque sorte le sacrement, c'est-à-dire à la fois le signe et le moyen de l'union intime avec Dieu et de l'unité de tout le genre humain »*
**(1)**
. Aux Évêques et aux prêtres ont été confiés cette communion à travers l'eucharistie. C'est à cause de cette mission de communion que l'Église demande aux membres des hiérarchies de ne pas participer aux différentes structures politiques
**(2).**
L'Église n'est pas une tour d'ivoire, enfermée sur elle-même, mais elle partage les joies et les peines de l'humanité :

*« Les joies et les espoirs, les tristesses et les angoisses des hommes de ce temps, des pauvres surtout et de tous ceux qui souffrent, sont aussi les joies et les espoirs, les tristesses et les angoisses des disciples du Christ, et il n'est rien de vraiment humain qui ne trouve écho dans leur cœur »* **(3).** C'est pour cette raison que c'est un devoir pour l'Église d'enseigner, de prendre soin et d'envoyer. C'est sa responsabilité de s'occuper de l'homme et de tout homme en vue de la réconciliation et pour la paix

La réconciliation fait partie de sa vocation, elle est même un sacrement. Il est clair que faire de la politique c'est surtout s'occuper du bien et de se mettre au service de l'homme et de tout homme mais jamais chercher son intérêt propre, ni ceux de sa classe, ni ceux de son parti, ni ceux de sa tribu.

Certes, faire de la politique n'est pas facile c'est même une sorte de martyre comme le souligne Paul VI et que le Pape François a repris, mais la politique est une des formes les plus élevées de la charité, parce qu'elle recherche le bien commun **(4)**. Ne soyez pas surpris si l'Église parle ouvertement sur des réalités de la société surtout celles qui ne marchent pas.

Vous les laïcs, prenez vos responsabilités car votre vocation propre consiste à chercher le règne de Dieu précisément à travers la gérance des choses temporelles qu'ils ordonnent selon Dieu **(5).** Les laïcs doivent assumer comme leur tâche propre le renouvellement de l'ordre temporel… ils ont à coopérer avec les autres citoyens suivant leur compétence particulière en assumant leur propre responsabilité et à rechercher partout et en tout la justice du Royaume de Dieu **(6).**

**(1).** *Lumen Gentium* n° 1.

**(2).** Cf. *Lumen Gentium* n° 1 et 8.

**(3).** *Gaudium et Spes* n° 1.

**(4).** Dialogue avec les CVX d'Italie, 30 avril 2015.

**(5).** Cf. *Lumen Gentium* n° 31, et Ad Gentes n° 21.

**(6).** Vatican II, *L'apostolat des laics*, n° 7.

Les résolutions fruit des concertations sur la réconciliation nationale tenues à Ivato, ont été signées.

Cela signifie-t-il que tout est résolu ? Une réconciliation authentique nécessite une parole juste et droite pour ne voir que le bien du peuple pour éradiquer la culture d'impunité. Au sein de ce processus il ne faut pas confondre vitesse et précipitation mais avancer avec prudence jusqu'à

une refondation de la nation à partir de la base et cela sur tous les plans.

En outre, beaucoup de citoyens exploités par les partis trop nombreux, parce que ne connaissant pas leurs droits et leurs devoirs, sont écartés des différentes structures qui devraient les mettre en rapport avec l'État. Or la raison d'être de ces structures est d'exister pour eux. Il est alors nécessaire qu'il y ait une véritable éducation civique et une éducation de l'identité Malagasy et cela à partir de la base. L'objectif est que nous arrivions à mettre en place des structures adaptées à la nature des Malagasy d'aujourd'hui et qui nous mèneront vers un développement authentique et stable.

**Unissons-nous pour aller de l'avant**

Les réalités vers lesquelles nous nous dirigeons nous indiquent la tâche qui nous incombe en ce temps où nous allons célébrer la Pentecôte. Nous devons prendre notre responsabilité pour bien enraciner la foi et la vivre pour accomplir la mission qui nous attend, notamment devant ces réalités de la vie que nous devons renouveler

**Premier Envoi** : pour vivre le message du Pape Benoît XVI *Africae Munus* concernant la réconciliation nationale et la paix, le Symposium des Conférences Episcopales d'Afrique et de Madagascar (SCEAM) a décidé que l'année de la réconciliation aura lieu de juillet 2015 à juillet 2016, qui est aussi la célébration du jubilé du 50ème anniversaire de la naissance de SCEAM. Cette célébration coïncide avec l'année sainte de la Miséricorde. Nous faisons un appel

solennel pour que chacun fasse une prière fervente et continuelle, et accomplisse des actes de miséricorde et de paix. Il y aura des directives pour les prochaines célébrations à venir.

**Deuxième envoi :** La citoyenneté et la vie de baptisés nécessitent continuellement une éducation dès la base. Une étape importante sera la célébration des JMJ. Nous avons vécu depuis le dimanche des Rameaux le message du Pape François pour vivre la journée Mondiale de la Jeunesse en cette année 2015, et que Jésus lui-même nous a révélé dans le discours sur la Montagne (huit béatitudes) en Mathieu 5. Le point principal qu'on approfondira pendant les JMJ Mada 8 sera le verset 8 : *« Heureux les cœurs purs, ils verront Dieu »*. Ce sera le sujet qu'on développera, par des conférences et par des prières, tout au long de ces JMJ. Les évêques de chaque diocèse donneront les directives claires car les JMJ ne sont pas de simples rassemblements de jeunes, mais c'est surtout une mission que l'Église confie aux jeunes et c'est l'Église de Madagascar tout entière qui la prend en charge.

**Troisième envoi** : L'approfondissement de la foi que nous voulons se base surtout sur la Parole de Dieu et sur la Doctrine Sociale et Ecologique de l'Église ; car l'objectif n'est pas une connaissance purement intellectuelle mais une foi vécue au quotidien à travers tout ce que nous accomplissons.

Parmi les projets importants, il y a la formation des laïcs pour qu'ils prennent leurs responsabilités.

**Quatrième envoi** : L'adage populaire dit « que si un arbre est bon pour la fabrication d'une pirogue c'est que le terrain où il a été planté est bon ». Nous nous tournons vers chaque Famille, Église domestique sur laquelle se fondent la sanctification et la justice de la société. Prenons nos responsabilités en éduquant et en nous occupant de nos enfants pour qu'ils soient des chrétiens convaincus et des citoyens responsables.

**Cinquième envoi :** Cette année est l'année des consacrés. Nous Consacrés, Évêques, Prêtres, Religieux allons partager ensemble à toutes les personnes que nous côtoyons par la parole et par les actes la joie de l'Evangile, pour les réconforter et qu'elles retrouvent espoir.

**Sixième envoi :** La vie de la nation doit être abordée très profondément, surtout la gestion des affaires politiques. C'est une responsabilité que nous ne pouvons pas esquiver, nous avons la morale conforme à cette mission, et qui est développée dans la Doctrine Sociale de l'Église. Cet enseignement est traduit en malagasy.

**Septième envoi** : Notre pays possède des personnes compétentes et qualifiées mais ce qui nous manque ce sont des hommes d'État responsables et patriotes Nous voulons bâtir une société où chaque homme et tout homme s'épanouit, nous nous tournons alors vers vous hommes et femmes, fils et filles de cette nation, imprégnés de patriotisme : prenez votre responsabilité et engagez-vous avec justice.

**Huitième envoi** : Avec vous les sages selon la tradition, chefs de villages, nous allons travailler

ensemble pour mettre en relief les valeurs malagasy pour défendre la dignité de la nation malagasy et ses richesses qui ne doivent jamais être échangeables ni vendables.

**Neuvième envoi :** Vous les responsables de l'éducation. Le nouveau programme de l'éducation de base va être publié très bientôt. Nous espérons que vous avez regardé méticuleusement l'avenir de la grande majorité de nos jeunes en mettant en relief un objectif et un projet qui feront épanouir et développer l'homme et tout l'homme. Ne soyez pas de simples imitateurs des programmes préparés ailleurs pour avoir uniquement « des financements » car cela risque d'enfoncer encore une fois de plus le pays et la génération future dans un avenir sombre. Ne vous laissez pas tromper par les belles présentations car vous risquez de rejeter les vraies valeurs concernant la personne humaine **(7)**.

La théorie du *gender* détruit l'identité naturelle de la personne humaine, en annulant la différence sexuelle. Au lieu de nous porter vers un authentique progrès elle risque de nous induire en erreur en nous faisant croire que Dieu s'est trompé et surtout qu'il nous a *« mal créés »*.

**Dixième envoi :** Tout cela exige de la part de l'État central de l'audace pour s'engager dans une vraie décentralisation effective et une gestion transparente. Qu'il y ait une authentique volonté politique et un vrai patriotisme au niveau de l'exécutif pour le développement du pays car la confiance entre le peuple et les responsables de l'État est très mince. Car malheureusement ce qu'on constate partout, c'est l'amour de l'argent et du parti.

Soyons *« un véritable corps »* comme nous l'enseigne St Paul **(8)** et prenons comme premier devoir de nous occuper des membres faibles, pour que ces derniers puissent trouver les nourritures spirituelles, corporelles et intellectuelles adéquates. Confions tous nos efforts pour relever notre pays à la Sainte Vierge, Première Patronne de Madagascar.

7. Gen 1,27.

8. 1 Cor 12,12-26.

Nous Évêques, nous implorons la bénédiction divine sur vous.

**Antananarivo, le 13 mai 2015**

Fête de Notre Dame de Fatima

Mgr TSARAHAZANA Désiré, Arsevekan'i Toamasina, Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagascar

Mgr RAMAROSON Marc Benjamin, Arsevekan'Antsiranana, Filoha lefitra

Mgr RANAIVOMANANA Philippe, Evekan'Antsirabe, Sekretera Jeneraly

Mgr RAZANAKOLONA Odon Marie Arsène, Arsevekan'Antananarivo

Mgr RABEONY Fulgence, Arsevekan'i Toliary

Mgr RABEMAHAFALY Filgence, Arsevekan'i Fianarantsoa,

Mgr Georges VARKEY, Evekan'i Port-Bergé

Mgr ROSARIO Saro Vella, Evekan'Ambanja

Mgr RAKOTONDRAJAO Roger Victor, Evekan'i Mahajanga

Mgr RAOELISON Jean de Dieu, Evekan'Ambatondrazaka

Mgr DI PIERRO Gaetano, Evekan'i Moramanga

Mgr RANDRIAMAMONJY Marcellin, Evekan'i Fenoarivo Atsinanana

Mgr BOMBIN ESPINO Gustave, Evekan'i Tsiroanomandidy

Mgr RANDRIANARISOA Jean Claude, Evekan'i Miarinarivo

Mgr RAKOTONARIVO Fidelis, Evekan'Ambositra

Mgr CAIRES DE NOBREGA José Alfredo, Evekan'i Mananjary, Administrateur Apostoliquen'i Farafangana

Mgr RAZAKARIVONY Fulgence, Evekan'Ihosy

Mgr RAKOTOZAFY Vincent, Evekan'i Tolagnaro

Mgr ROBASZKIEWICZ Zygmunt, Evekan'i Morombe

Mgr RAHARILAMBONIAINA Marie Fabien, Evekan'i Morondava

Mgr MALO Michel, Évêque émérite d'Antsiranana

Mgr RANDRIAMBOLOLONA Philibert, Archevêque émérite de Fianarantsoa

Mgr RAZAKARIVONY Raymond, Évêque émérite de Miarinarivo

Mgr SCOPELLITI Antoine, Évêque émérite d'Ambatondrazaka

Mgr ZEVACO Pierre, Évêque émérite de Tolagnaro

Mgr PELLETIER Donald, Évêque émérite de Morondava

Mgr TOASY Armand, Évêque émérite de Port-Berger

+ + + + + + + + + + + + + + + + +

Conférence des Evêques de Madagascar

102 bis rue Cardinal Jérôme Rakotomalala

**BP. 667 Antanimena Antananarivo -101**

**RAISO NY FANAHY MASINA MPAMPIHAVANA**

**HAFATRA HO AN'NY KRISTIANINA REHETRA SY IREO TSARA SITRAPO REHETRA**

Homba antsika mianakavy anie ny fahasoavana amam-piadanana avy amin'i Jesoa Kristy Tompontsika

Andeha isika hiroso miandalana mankany amin'ny fankalazana ny Pantekôty, handray ny Fanahy Masina.Ilay fety fanirahana hizara ny Vaovao Mahafaly sy ny Fiadanana hanerana ny tany, hampihavana izao rehetra izao. Ny zava-misy iainantsika anefa izao dia mampisavorovoro ny saimbahoaka; very fanahy mbola velona ny maro, ary toy ny valala voatango ny madinika sy ny mahantra.

**MIJERY MIARA-MAHITA ISIKA RAHA HILAZA FA**

Miharihary ankehitriny ny fahantrana mihanaka manerana ny Nosy. Io no fototry ny olana mamp ikorontana ity firenena ity. Tsy misy intsony ny fifampitokisana amin'ny sehatra isan'ambaratonga sy ny toeram-piasana samihafa.

Ahiana ho efa misy mivoy azy ny adim-poko sy saranga, ny fanindrahindrana toeram pihaviana

sy firazanana izay mpisavorovoro saim-bahoaka. Tsarovy fa Malagasy iray isika.

Lasa kolom-piainana mahazatra, tsy mbola nahitana fanàfana hatramin'izaony fahalovana *(«cor ruption»* ) amin'ny lafiny rehetra, mamono tanteraka ny maha-olona. Nahoana no mbola mitohy ny fividianana olona, hitarihana azy hanohana tsangan-kevitra na olona na dia mifanohitra amin'ny konsiansiny aza, indrindra amin'ny fifidianana ? Hararaotina vidina ny safidin'ny olom-pirenena noho ny fahatsorany sy ny tsy fahalalany ary ny fahantrany. Ireo mba manana hazon-damosina indray hampihorohoroana ary hamoronana *« dossiers »* tsy marina, dia gadraina. Lainga sy fitaka arahina fampanantenana poak'aty no andraisan'ny olona ny ataon'ny mpanao pôlitika : very ny fifampitokisana.

Ny harem-pirenena moa dia toy ny tantely afa-drakotra ifambaboan'izao adala sy hendry rehetra izao. Ary dia iniana tsy havaozina ny Lalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany («Code minier») hitrohan'ny olom-bitsy azy. Satria ny vola no ataony andriamanitra. Tsy mampaninona azy ny mivarotra tanindrazana.

Manampy trotraka ireo karazan'aretina miseho amin'ny endrika maro samihafa (areti-maso,

aretim-pivalanana...). Ny saram-pitsaboana dia tsy takatry mahantra intsony, hany ka lasa mamonjy izao karazam-pitsaboana tsy fantam-piaviana rehetra izao, toy ny ody gasy na ireo

milaza ho mpahita mahay manasitrana. Ireo no mahatonga ny olona hirohotra any amin'ireo antokom-pivavahana milaza fa mahay fahagagana, tsy voafehin'ny Lalàna intsony.

Lazaina hoe tany tan-dalàna isika. Nefa mirongatra etsy sy eroa ny tsy fandriam-pahalemana sy ny tsy fahamarinana. Maro amin'ireo natao hiaro ny zo sy ny aina ary ny fananam-bahoaka, sy ireo mpampihatra Lalàna, no lasa miray hina amin'ny *« tambazotran'ny mpanao ratsy »*. Vokany : mihanaka ny fitsaram-bahoaka, miparitaka ny basy mahery vaika. Tsy hita intsony ny fahefampanjakana («absence de l'État»), dia mamorona
*Dina*
ny olona hiarovany ny tenany sy ny fananany. Tsy misy intsony ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpampihatra Lalàna.

**NY AHIAHY TSY IHAVANANA**

Mifantoka amin'ny fampihavanam-pirenena sy resaka fanarenam-pirenena ny saintsika mianakavy ankehitriny. Maro amintsika no taitra tamin'ny taratasy indroa miantoana nataon'ny Fivondronamben'ny Eveka : tsy nisy fanoherana ny fanaovana ny Dinika ho an'ny Fampihavanampirenena izy ireny. Ny voalohany moa dia ny tondran-drano sy voina nahazo ny olona no antony nangatahana fanemorana, ny faharoa kosa dia fangataham-panazavana ihany. Mety misy koa ny nametram-panontaniana amin'ny fahavitsian'ireo katolika nandray anjara

tamin’ireny dinika ireny.

Noho izany raisanay ho adidy ny manazava hevitra sasantsasany.

Fa inona tokoa ny Eglizy Katôlika ? *« Ny Eglizy vatan’i Kristydia fiombonana, sakramenta izany hoe famantarana sy fitaovana mampiombona amin’Andriamanitra sy mampifandray ny olombelona samy olombelona »* **(1)**. Ny Eveka sy ny Pretra no nanankinana ny fampiombonana ny olona rehetra ao amin’ny Eokaristia. Ary noho io antony io no angatahin’ny Eglizy Katôlika azy ireo tsy hirotsaka mivantana amin’ny rafitra pôlitika toy ny antoko pôlitika na sendika na rafitra toy izany
**(2)**
. Tsy miolonolona anefa ny Eglizy fa mizara ny hafaliana sy ny tebitebin’ny olombelona :
*« Ny hafalina sy fanantenana, ny fahoriana sy ny ahiahy manjo ny olombelona amin’izao fotoana izao, manjo indrindra ireo mahantra sy mijaly dia hafaliana sy fanantenan’ny mpianatr’i Kristy »*
**(3)**
. Noho izany adidin’ny Eglizy ny mampianatra sy mikolokolo ary maniraka. Andraikitra ankinina aminy ny fiahiana ny maha-olona feno ny isam-batan’olona sy ny olona manontolo ary ny olona rehetra ao anatin’ny
fihavanana sy ny fiadanana marina.

Koa adidy masina ho an’ny Eglizy ny mampihavana ary nametraka azy ho sakramenta aza. Izao no izy : ny fanaovana pôlitika dia fanasoavana sy fanompoana ny olona manontolo sy ny olona rehetra fa tsy fitadiavana tombotsoa ho an’ny tena na ho an’ny saranga na antoko na foko. Fantatra fa tsy mora ary mety hihatra aman’aina aza, araky hafatry ny Papa Paoly VI, nohamafisin’i Papa Fransoa, ny mirotsaka amin’ny raharaha politika satria tsy anjaran’ny Eglizy mivantana izany, nefa tsy azony atao koa ny mitazam-potsiny, na mihalangalana satria ny politika no faratampony amin’ny fiainana ny fitiava-namana sy fanompoana ny vahoaka amin’ny

fikatsahana ny soa iombonana **(4)**. Aza gaga isika raha milaza mazava tsy ampihambahambana ny zavatra tsy mandeha amin'ny fiainam-bahoaka ny Eglizy.

**(1).** *Lumen Gentium* n° 1.

**(2).** Jereo *Lumen Gentium* n° 1 sy 8.

**(3).** *Gaudium et Spes* n° 1 §1.

**(4).** Resaka tamin'ny CVX italiana, 30 aprily 2015.

Mijoroa ianareo lahika fa ny antso miantefa aminareo manokana dia hikatsaka ny Fanjakan'Andriamanitra amin'ny fizakana ny tany arakany nandaharan'Andriamanitra azy **(5*)*.** *«Fa adidy tokony hirotsahan'ny kristianina kosa ny mampivoatra ny lafim-piainana ara-nofo. Anisam-bahoaka izy ka tokony hiara-misalahy amin'ny vahoaka sady tokony hikatsaka ny fahamarinana sahaza ny Fanjakan'Andriamanitra amin'ny toerana rehetra sy ny zavatra rehetra*

»
**(6)**
.

Vita sonia iny ny dinika fampihavanam-pirenena teny Ivato. Midika ve anefa izany fa milamina daholo ny zavatra rehetra ? Ny fampihavanana tena matotra dia tsy maintsy arahina teny marina sy mahitsy ho fitsinjovana ny soa ho an'ny vahoaka tsy ankanavaka mba hialana amin'ny kolompiainan'ny tsy maty manota. Ao anatin'izany no tsy tokony hirotorotoana fa hahamàlina sy hieritreritra hiroso amin'ny fanarenam-pirenena hatrany ifotony sy amin'ny lafiny rehetra.

Ankoatr'izany, misy olom-pirenenavoailikasatria tsy mahalala ny zo sy adidiny eo anatrehan'ireo rafitra maro isan-karazany ifandraisany amin'ny Fanjakana, ka hararaotin'ireo antoko politika maro loatra, nefa raha ny marina ny olom-pirenena no antom-pisian'ireo rafitra ireo. Takin'nyfandalinana hatrany ifotony ny fanabeazana sy ny fitaizana ny maha-malagasy sy ny maha olom-pirenena mba hitondra antsika hametraka rafitra mifanentana amin'ny tontolom-piainan'ny malagasy ankehitriny hitondra amin'ny fampandrosoana maharitra sy tena izy.

**(5)**. Jereo *Lumen Gntium* n° 31, Ad Gentes n° 21.

**(6)**. *Apostolicam Actuositatem* n° 7 §5.

**NDEHA ARY ISIKA HIARA-MIENTANA**

Ireo tontolom-piainana izorantsika ireo dia manazava bebe kokoa nyasa anirahana antsika sah ady, amin'izao iandrasana ny Pantekôty izao. Tsy maintsy mandray andraikitra eo amin'ny fampiorenana mafy ny finoana sy ny fiainana azy, hahavita ny iraka miantefa amintsika, ka anisan'izany ireto atri-piainana vitsivitsy ireto.

**Iraka voalohany** : Ho fampiharana ny hafatry ny Papa Benoa XVI ao amin'ny *Africae Munus* mi kasika ny fandriam-pahalemana sy ny fampihavanana, dia nanapan-kevitra ny Fivondronam-ben'ny
Eveka eran'ny Afrika sy ny Ranomasim-be Indianina (Symposium des Conférences Episcopales
d'Afrique et de Madagascar - SCEAM) fa taonan'ny Fampihavanana manomboka amin'ny Jolay 2015
ka hatramin'ny Jolay 2016, izay Jobily ankalazana ny faha-50 taona nijoroan'ny SCEAM. Mifanindran-dàlana
amin'ny Fankalazana ny Taona Masina ankalazana ny Famindrampon'Andriamanitra. Miantso antsika hanao vavaka mitohy sy hanao asa maneho ny fampihavanana sy ny famindrampon'Andriamanitra nasaina hiainantsika. Ary hisy torolàlana mikasika ireo fankalazana ireo.

**Iraka faharoa** : Mila fitaizana hatrany ifotony ny olom-pirenena sy ny zanaky ny Eglizy. Dingana lehibe no efa izorantsika, toy ny Fihaonam-ben'ny Tanora (JMJ). Efa niainana hatramin'ny sampankazo ny fanentanana nataon'ny Papa Ray Masina, Fransoa, iainana ny Andro manerantanin'ny tanora amin'ity taona 2015 ity, izay efa nampitain'i Jesoa ao amin'ny *Hasambarana valo*, Mt. 5 ; indrindra ny andininy faha-8 hoe : *« Sambatra ny madio fo fa hahita an'Andriamanitra izy »*. Fotokevitra mbola hohalalinina mandritra ny JMJ Mada 8 io, ary hatao vavaka sy hifampizarana, ka vina matanjaka ho an'ny fiainan'ny tanora rahampitso. Hampitain'ny eveka mazava kokoa isaky ny diosezy ny lamina faramparany, satria tsy fiainan'ny tanora irery ny JMJ fa fanirahan'ny Eglizy tanterahin'ny tanora, ka ny Eglizy aty Madagasikara no indray mifanome tànana.

**Iraka fahatelo** : Fandalinam-pinoana mifototra ao amin'ny Soratra Masina, sy foto-pampianarana momba ny fiaraha-monina sy ny fiarovana ny tontolo iaianananο hifampizarantsika, satria tsy ampy ny mahalany tsianjery izay voalaza, fa finoana arahin'asa. Anisan'ny tafiditra ho prôgrama goavana rahateo koa ny fanofanana ny lahika mandray andraikitra.

**Iraka fahefatra** : *Ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara*, ka ianareo

Fianakaviana no Eglizy kely miantoka ny fahamasinana sy ny fahamarinan'ny fiaraha-monina. Ka raiso izay andraikitra manandrify anareo hikolokolo sy hanabe ny taranaka mba ho olombanona sy tena kristianina vontom-pinoana.

**Iraka fahadimy** : Taonan'ny *« Fiainana voatokana »* izao, ka ndeha isika eveka, pretra, relijiozy nanokatena hizara amin'ny teny sy ny asa ny hafalian'ny Vaovao Mahafaly mba ho feno fanantenana ny olon-drehetra mifanerasera amintsika.

**Iraka fahenina** : Ny fiatrehana ny fiainam-pirenena dia anisan'ny tsy maintsy ho tomorina akaiky koa, indrindra ny fifampitantanana amin'ny raharaha pôlitika. Andraikitra tsy azo ialàna izany, fa manana ny môraly mifanentana amin'izany isika izay efa voavisavisa ao amin'ny Fampianaran'ny Eglizy momba ny fiaraha-monina sy sosialy. Vitantsika boky io.

**Iraka fahafito** : Tsy lany olomanga isika fa ny olom-panjakana tompon'andraikitra tia ny Firenena no tena maha-ory antsika. Ny Hanorina sy hanandratra ny isam-batan'olona no tanjona ka mitodika aminareo vato nasondrotry ny tany izahay hirotsaka handray andraikitra amim-pahamarinana fa ny adidy tsy an'olon-dratsy.

**Iraka fahavalo** : Ho anareo Olobe sy Ray aman-dreny ara-drazana. Ndeha hifanome Tànana hanandratra avo ny hasin'ny Firenena ka hiaro azy sy ny harenany manontolo, tsy ho atakalo tsy amidy vola.

**Iraka fahasivy** : Ho anareo tompon'andraikitry ny fanabeazana. Hivoaka atsy ho atsy ny prôgrama vaovaon'ny fampianarana amin'ny fanabeazana fototra. Antenaina fa nijery akaiky ny

ho avin'ny maro an'isa, ka nametraka tanjona sy vina hampivelatra ny maha-olona sy ny olona manontolo. Esory ny fakan-tahaka be fotsiny hahazoana famatsiam-bola vetivety hampidi-kizo indray ny Firenena sy ny taranaka. Sao sodokany akanga tsara soratra fotsiny ka manary ny soatoavina mahaolona **(7).** Ny *« firehan-kevitra miralenta » («théorie du genre»* ) dia manapotika ny maha-olona voajanahary fa tsy fandrosoana velively ka mihevitra an'Andriamanitra ho manaonao foana.

**Iraka fahafolo** : Ireo rehetra ireo anefa dia mitaky fahasahian'ny Fanjakana foibe hirotsaka

amin'ny tena fanapariaham-pahefana sy fitantanana mangarahara isam-paritany. Aoka hasiana finiavana politika sy fitiavan-tanindrazana matotra ny fitondrana an-kapobeny, fa manify dia manify ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka ho fampandrosoana ny firenena. Tsy fanompoan-tanindrazana fa fanompoam-bola sy fikambanana no misongadina amin'ny endrika ankapobeny.

Enga anie ho toy ny *« vatana iray isika »*, hoy Masindahy Paoly **(8)**, ka hataontsika vain-dohandraharaha ny hahazoan'ny rantsana tsirairay ny sakafo ilainy na ara-batana na ara-tsaina na arapanahy.

Ankinintsika amin'i Masina Maria, mpiaro voalohany an'i Madagasikara, ny ezaka rehetra hatao ntsika ho fanarenana ny Firenentsika.

**(7)**. Gen 1,27.

**(8)**. 1 Kor 12,12-26.

Mitso-drano anareo izahay Evekanareo.

**Antananarivo, anio alarobia 13 mey 2015**

Fetin'i Masina Maria niseho tany Fatima

Mgr TSARAHAZANA Désiré, Arsevekan'i Toamasina, Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagascar

Mgr RAMAROSON Marc Benjamin, Arsevekan'Antsiranana, Filoha lefitra

Mgr RANAIVOMANANA Philippe, Evekan'Antsirabe, Sekretera Jeneraly

Mgr RAZANAKOLONA Odon Marie Arsène, Arsevekan'Antananarivo

Mgr RABEONY Fulgence, Arsevekan'i Toliary

Mgr RABEMAHAFALY Filgence, Arsevekan'i Fianarantsoa,

Mgr Georges VARKEY, Evekan’i Port-Bergé

Mgr ROSARIO Saro Vella, Evekan’Ambanja

Mgr RAKOTONDRAJAO Roger Victor, Evekan’i Mahajanga

Mgr RAOELISON Jean de Dieu, Evekan’Ambatondrazaka

Mgr DI PIERRO Gaetano, Evekan’i Moramanga

Mgr RANDRIAMAMONJY Marcellin, Evekan’i Fenoarivo Atsinanana

Mgr BOMBIN ESPINO Gustave, Evekan'i Tsiroanomandidy

Mgr RANDRIANARISOA Jean Claude, Evekan'i Miarinarivo

Mgr RAKOTONARIVO Fidelis, Evekan'Ambositra

Mgr CAIRES DE NOBREGA José Alfredo, Evekan'i Mananjary, Administrateur Apostoliquen'i Farafangana

Mgr RAZAKARIVONY Fulgence, Evekan'Ihosy

Mgr RAKOTOZAFY Vincent, Evekan'i Tolagnaro

Mgr ROBASZKIEWICZ Zygmunt, Evekan'i Morombe

Mgr RAHARILAMBONIAINA Marie Fabien, Evekan'i Morondava

Mgr MALO Michel, Evêque émérite d'Antsiranana

Mgr RANDRIAMBOLOLONA Philibert, Archevêque émérite de Fianarantsoa

Mgr RAZAKARIVONY Raymond, Evêque émérite de Miarinarivo

Mgr SCOPELLITI Antoine, Evêque émérite d'Ambatondrazaka

Mgr ZEVACO Pierre, Evêque émérite de Tolagnaro

Mgr PELLETIER Donald, Evêque émérite de Morondava

Mgr TOASY Armand, Evêque émérite de Port-Berger